# DINIDINIKA FIZAHAN'NY TOBIM-PAHASALAMANA SY NY SEKOLY NY RANO FIDIOVANA FANADIOVANA AO AMINY (AUTO DIAGNOSTIC)

**Ny mpanamora:**

- Ny kaominina,
- Ny solotenan'ny RANO WASH
- (araka ny andrim-panjakana) solotenan'ny farim-piadidiam-pampianarana (CISCO/ZAP) na solotenan'ny farim-piadidiana ho an'ny fahasalamam-bahoaka (SDSP)

**Ny mpandray anjara:**

- (raha sekoly): Ny Talen-tsekoly sy ireo mpampianatra, Ny FEFFI, Ny FRAM, Ny solotenan'ny mpianatra
- (raha CSB): Ny Chef CSB sy ireo mpiasan'ny CSB rehetra, ny AC, solotenan'ny mpampiasa CSB.

**Ny tanjona**

(1) MANAMORA:

- ➢ Fahatongavan-tsainan'ireo andrimpanjakana momba ny olany - ny filàny - ny zava-misy eo ampelatanany na akora afaka ampiasainy (vola – fitaovana – olona – harena voajanahary sns.)
- ➢ Ny safidiny sy ny fandraisan'izy ireo andraikitra mba ho lasa SAKAIZAN'NY RFF
- ➢ Ny fanombohan'ireo andrimpanjakana ny dingana miroso mankany amin'ny SAKAIZAN'NY RFF
- ➢ Ny fomba fiasa " ANDRIM-PANJAKANA SAKAIZAN'NY RFF" aorian'ny fangatahan'ny andrim-panjakana iray., mba hahatsapany fa tompon'io fomba fiasa izy ireo fa tsy mpnadray avy amin'ny tetik'asa tsy akory.

(2) MAHAFANTATRA BEBE KOKOA NY ZAVA-MISY ENY AMIN'IREO ANDRIM-PANJAKANA MBA HAHAFAHAN'IREO MPIARA-MIOMBON'ANTOKA MANDRINDRA NY TOHANA SY TANTSOROK'IZY IREO ARAK'IO ZAVA-MISY IO.

**Fandehan'ny dinidinika**

| ANTONY | Fitaovana ampiasaina | Tompon'andraikitra | Hevi-dehibe |
|---|---|---|---|
| *(**mialohan'ny dinidinika**)* **Famantarana momban'ilay andrim-panjakana** | **Famakiana ireo tahirin-kevitra na antontan-taratasy mikasika ilay andrim-panjakana (revue documentaire):**<br>Mamaky ireo antontan-taratasy sy tahirin-kevitra ara-teknika mikasika ilay andrim-panjakana sy ny manodidina azy | Mpanatanteraka : Ireo Mpanamora | - Ny lasan'ilay andrim-panjakana : ireo tetik'asa niasa teo aloha<br>- Ny lafiny ara-teknika mikasika ilay vatan-trano sy ireo fotodrafitr'asa RFF<br>- Ireo antontan'isa mikasika ilay andrim-panjakana (ny momba ny mpiasa sy ny mpampiasa azy, sns.) |
| ***(mandritra ny dinidinika)*** **Famantarana ny zava-misy mikasika ny RFF eo amin'ilay andrim-panjakana** | **Saritanin'ny andrim-panjakana (cartographie de l'établissement) :**<br>Manao kisarisarin'ny trano misy ny andrim-panjakana sy ny manodidina azy | Mpanatanteraka : Ireo mpandray anjara rehetra voalaza eny ambony<br>Mpanamora : Ireo mpiantsehatra voalaza ho « mpanamora » eny ambony | - **Ny faritry ny sekoly na toeram-pitsaboana** : ireo vata-trano sy ny efitra rehetra, ary ny tokontany, ny isan'ny mpiasa sy mpampiasa, ny fitaovana mikasika ny RFF ho an'ny mpiasa sy mpampiasa sy ny toerana misy azy ( fisotroana rano – fanasana tanana amin'ny savony – toeram-pangerena sy famaniana |

| | | | |
|---|---|---|---|
| | | | – fanasana vatana – fanariana fako - fikajiana ny fahadiovan'ny fitaovam-pitsaboana (raha CSB) sns.) ho an'ny mpiasa sy ny mpampiasa ny sekoly na ny toeram-pitsaboana.<br>- **Ny manodidina ny faritry ny sekoly na ny toeram-pitsaboana:** ara-boajanahary ( rano –ala sns.), ara-toe-karena (tsena, ireo mpanjinjara tolotra RFF mifandray amin'ilay sekoly na toeram-pitsaboana sns.), ara-tsosialy ( fikambanana na andrim-panjakana na mpiara-miombon'antoka mifandray amin'ny sekoly na toeram-pitsaboana sns.) |
| ***(mandritra ny dinidinika)*** | **Kisarisarin'ny loharanon-karenan'ny sekoly na teoram-** | Mpanatanteraka : Ireo mpandray anjara rehetra voalaza eny ambony | - Ireo loharanon-karenan'ny sekoly na toeram-pîtsaboana ( olona – vola – teknika – harena |

| | | | |
|---|---|---|---|
| **Famantarana ireo loharanon-karena ho an'ny sekoly na ny toeram-pitsaboana** | **pitsaboana (carte des ressources):**<br>Mahita taratra ny loharanon-karena ananan'ny sekoly na ny toeram-pitsaboana ( olona – vola – teknika – harena voajanahary – fambolena/fiompiana sns.) | <u>Mpanamora :</u> Ireo mpiantsehatra voalaza ho « mpanamora » eny ambony | voajanahary – fambolena/fiompiana sns.<br>- Ny afaka mampiasa ireo<br>- Ny mitantana ireo<br>- Ny afaka manapa-kevitra mikasika ireo |
| ***(mandritra ny dinidinika)***<br>**Fampitsiriana ny VINAn'ny sekoly na toeram-pitsaboana** | **"Sekoly na Toeram-pitsaboana idealy" (établissement ideal):**<br>Mampitsiry ny VINAn'ny sekoly na toeram-pitsaboana amin'ny alalan'ny fanehoan'izy ireo izany an-tsary | <u>Mpanatanteraka</u> : Ireo mpandray anjara rehetra voalaza eny ambony<br><u>Mpanamora :</u> Ireo mpiantsehatra voalaza ho « mpanamora » eny ambony | - Ny VINAn'ny Sekoly na toeram-pitsaboana mikasika ilay SEKOLY na TOERAM-PITSABOANA idealy amin'ny tontolon'ny RFF. |
| ***(mandritra ny dinidinika)***<br>**Fandraisan'ny sekoly sy ny toeram-pitsaboana ny ho aviny eo amin'ny sehatry ny RFF.** | **"Fanapahan-kevitra"** ***(prise d'initiative/prise de décision) :***<br>Manosika ny mpandray anjara hanapa-kevitra ny mpanamora | <u>Mpanatanteraka</u> : Ireo mpandray anjara rehetra voalaza eny ambony<br><u>Mpanamora :</u> Ireo mpiantsehatra voalaza ho « mpanamora » eny ambony | - Fanapaha-kevitry ny mpandray anjara<br>- Ny asa ho atao |

| | | | |
|---|---|---|---|
| ***(mandritra ny dinidinika)***<br>**Milaza ny tohana sy tantsoroka afaka arosony ny manam-pahefana sy ny mpiara-miombon'antoka (RANO WASH)** | **Tohana sy Tantsoroka (proposition d'appui et accompagnement) avy amin'ny manam-pahefana sy ireo mpiara-miombon'antoka**<br>Milaza ny anjara asany sy anjara birikiny ireo mpanamora | Mpanamora : Ireo mpiantsehatra voalaza ho « mpanamora » eny ambony | - Andarikitra sy Asan'ny :<br>▪ Kaominina<br>▪ fari-piadidiam-pampianarana na ny fahasalamam-bahoaka<br>▪ Mpiara-miombon'antoka |
| ***(mamarana ny dinidinika)***<br>**Fanamarihana ny fiaraha-mandray andraikitra** | ***« Engagement mutuel »***<br>Manoratra « PV » ny Mpandray anajara, ary soniavin'ny mpanamora sy ny mpandray anjara | Mpanatanteraka : Ireo mpandray anjara rehetra voalaza eny ambony<br>Mpanamora : Ireo mpiantsehatra voalaza ho « mpanamora » eny ambony | - Faneken'ny tsairairay hiara-hirona mba hahatonga ny sekoly na ny toeram-pitsaboana ho SAKAIZAN'NY RFF |